**A Ny fahambonian'ny fitiavana**

- **Ny lalana tsara indrindra**
  - Karazam-pitiavana toy ny ahoana no asehon'i Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 13, ary nahoana no mihoatra noho ny fanomezam-pahasoavana rehetra izany? (1 Kor. 12:31-13:3)
  - Maro ny teny azo hamaritana ny fitiavana amin'ny teny Grika. Agape (tsy tia tena, tsy misy fepetra, ary fitiavana tsy mitady ny azy, fa mikatsaka izay mahasoa ny olo-tiany) no finidin'i Paoly, izay mitovy amin'ilay ampiasain'i Jaona rehefa niteny izy hoe: “Andriamanitra dia fitiavana” (1 Jaona 4:8).
  - Tsy misy fanomezam-pahasoavnaa mahasoa raha toa ka tsy fitiavana toy izany no manosika azy. Raha ny marina, ny ataontsika rehetra sy ny fisainantsika rehetra dia tokony ho safononiky ny fitiavana agape.
  - Mampitandrina antsika i Jesosy, fa noho ny faharatsiana, dia hihamangatsiaka io fitiavana io (Matio 24:12). Nefa tsy tokony havelantsika hitranga amintsika izany, ao an-tokantranontsika ao, na ao am-piangonantsika ao.

**B Ny toetry ny fitiavana**

- **Ny ataon'ny fitiavana**

| | | |
|---|---|---|
| **Mahari-po** | ***makrothymeō*** : maneho faharetana, miharitra, maharitra | Maneho fandeferana amin'ny fahadisoan'ny hafa |
| **Mora fanahy** | ***jrēsteuomai*** : manao soa tsy misy tambiny | Mamindra-fo sy mangoraka |
| **Mifaly amin'ny fahamarinana** | ***synjairō*** : maneho fiaraha-miory, miaraka mifaly | Miara-mifaly amin'ireo izay mihazona ny fahamarinana |
| **Mandefitra ny zavatra rehetra** | ***stegō*** : mangina (maharitra am-pahanginana) | Manarona ny fahadisoan'ny hafa, tsy manambara izany am-pahibemaso |
| **Mino ny zavatra rehetra** | ***pisteuō*** : manana finoana, maneho fahatokiana | Tsy manameloka, fa manome tombony ny hafa manoloana ny fisalasalana |
| **Manantena ny zavatra rehetra** | ***elpizō*** : miandry na matoky | Miandrandra zavatra tsara hitranga mandrakariva |
| **Maharitra ny zavatra rehetra** | ***hypomenō*** : mijoro, miaritra, manana herin-tsaina, maharitra | Maharitra toe-javatra sarotra, fitsapana sy fanenjehana |

- **Ny TSY ataon'ny fitiavana**

| | | |
|---|---|---|
| **Tsy mialona** | ***zeloō*** : manana firehetam-po | Tsy mialona ny hafa izay manana fanomezam-pahasoavana hafa |
| **Tsy mirehareha** | ***perpereuomai*** : mihambo, miedinedina | Tsy mitady doka avy amin'ny hafa |
| **Tsy mieboebo** | ***fysioō*** : midera tena, mirehaka | Tsy manana fijery miedinedina momba ny tena |
| **Tsy manao izay tsy mahamendrika** | ***asjēmoneō*** : manana fitondran-tena tsy araka ny tokony ho izy | Tsy manohitra ny filamatry ny fiaraha-monina sy ny fitondran-tena |
| **Tsy mitady ny azy** | ***zēteō*** : mikatsaka | Mahafoy ny zony mba hahasoa ny hafa |
| **Tsy mora sosotra** | ***paroxynō*** : mandranitra fahatezerana, mamporisika na manao izay hahasosotra | Tsy mora tezitra na saro-po |
| **Tsy manao otripo** | ***logizomai*** : mitanisa | Mamela heloka ary tsy mihevitra intsony ny ratsy natao tamin'ny tena |
| **Tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana** | ***jairō*** : faly, sambatra, na mahatsiaro-tena ho tsara | Tsy mifaly amin'ny fahadisoana, fa mikatsaka ny hanitsiana izany |

- **Fanoritsoritana an'i Jesosy**
  - *Mahari-po Izy*: Niaritra kapoka, eso, sy fanarabiana Izy (Mat. 27:27-31)
  - *Mora fanahy Izy*: Niahy izay rehetra nijaly Izy
  - *Miara-mifaly amin'ny fahamarinana Izy*: Nampianatra ny fahamarinana mazava tsara sy tamim-paharesen-dahatra Izy
  - *Mandefitra ny zavatra rehetra Izy*: Tsy nitsara ilay vehivavy mpanota Izy fa nanolotra famelan-keloka kosa (Jaona. 8:10-11)
  - *Mino ny zavatra rehetra Izy*: Nahatoky ny fahatsoran'i Zakaiosy Izy (Lio. 19:8-9)
  - *Manantena ny zavatra rehetra Izy*: Nanomana 12 lahy ho amin'ny iraka "tena sarotra" Izy
  - *Maharitra ny zavatra rehetra Izy*: Niaritra hanoanana, fandavana, fijaliana, ary fanenjehana Izy
  - *Tsy mialona Izy*: Tsy nikatsaka voninahitra Izy, fa niara-niosona tamin'ny manetry tena
  - *Tsy mirehareha Izy*: Na dia Mpanjakan'izao rehetra ary izao aza Izy, dia tsy mba nirehareha ny amin'izany
  - *Tsy mieboebo Izy*: Vonona mandrakariva Izy hanao ny asa heverina ho ambany
  - *Tsy manao izay tsy mahamendrika Izy*: Nanaja sy nahalala-fomba tamin'ny olona rehetra Izy
  - *Tsy nitady ny azy Izy*: Nanao ny sitrapon'ny Rainy mandrakariva Izy (Jao. 6:38)
  - *Tsy mora sosotra Izy*: Na dia nasiana tahamaina aza Izy, dia namaly am-panajana hatrany (Jaona 18:22-23)
  - *Tsy manao otripo Izy*: Nangataka famelan-keloka ho an'ireo nanombo Azy Izy (Lio. 23:34)
  - *Tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana Izy*: Niteny mafy ny Fariseo tsy marina Izy (Mat. 23:27-28)

**D Ny faharetan'ny fitiavana**

- **Ny toetra tsara indrindra**
  - Naseho tamin'ny Korintiana tamin'ny fitondrantenan'izy ireo ny tsy ataon'ny fitiavana: mialona izy ireo; mirehareha; mieboebo; manao izay tsy mahamendrika; tia tena; mora sosotra; manao otripo; ary mandefitra fahotana.
  - Toa azy ireo, tsy maintsy miala amin'ireo fahadisoana ireo isika ary mampitombo ireo toetra tsaran'ny fitiavana, araka izay ampianarin'i Paoly antsika, mba hahatonga ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ho araka ny tokony ho izy. Manasa antsika koa izy mba hitoetra amin'ireto toetra tsara roa ireto: finoana sy fanantenana.
  - Rehefa miverina i Jesosy, dia tsy misy intsony ny ota, ary hisitraka fiainana mandrakizay miaraka Aminy isika. Amin'izay, ny faminaniana, ny fiteny sy ny fanomezam-pahasoavana hafa dia tsy ilaina intsony. Kanefa ny fitiavana dia haharitra mandrakizay (1 Korintiana 13:8).